

ALAHADY 3 Fiavian'ny TOMPO - TAONA A *Ianaova ilayho avy, sa mbola hafa no andrasantsika?*



Ry Kristianina havana, mahavariana ny fandaharan'Andriamanitra fa mifanaraka tsara amin'izao Sinaody miara-dia tapany faharoa tanterahintsika izao. Izany tokoa mitohy hatrany ny diantsika mankany amin'ny Noely ary azo lazaina fa efa misasaka ny lalana.

Ny tenin'Andriamanitra dia efa mampitsinjo antsika sahady amin'izay andrasantsika amin'zay Noely izay amin'izao Alahady fahatelo fiaviana izao. Antsoina tokoa izao Alahady fahatelo izao ho "Alahadin'ny hafaliana" satria miverimberina matetika amin'ireo vakiteny androany ny resaka hafaliana, izay manentana antsika sahady amin'ny hafaliana entin'ny Noely. Izany koa no andrasantsika amin'izao dingana faharoa amin'ny Sinaody izao raha voahaja ny zavaboary maitso, mitondra fanantenana.

VakitenyI :lz. 35,1-6a. 10
Salamo :Sal. 145 VakitenyII
:Jak. 5, 7-10 Evanjely : Mt.
11,2-11

Hafaliana ny antsika raha mandray an'i Jesoa izay tonga eto anivontsika. Izy tokoa no fiadanana ary manakoako amin'ny feon'ny anjely, izay no asongadin'ny vakiteny telo anio ary mbola asain'ny Eglizy koa isika hiaraka amin'i Md Joany amin'izany fiomanantsika izany satria efa akaiky dia akaiky ny Noely izany ka aoka samy vonona hiady amin'ireo ratsy izay mety manakantsakana antsika. Ady

sady dia hoy isika ny fiainana. Enga anie samy ho tody soa amin'izao fiavian'ny Tompo izao ka ho izy tokoa no ho tonga eo anivon'ny fiainantsika hitondra zany hafaliana sy fiadanana izany. Fa arakaraky ny fahaizantsika mandray sy manome toerana an'i Jesoa amin'ny fiainantsika no hanova ny fiainantsika.

Inona no mety dikan'ny hoe "manome toerana an'I Jesoa?"

Manome toerana an'I Jesoa isika raha misokatra ny masontsika ka tsy ny tenantsika ihany no

mety ho hitantsika fa mahita ny hafa fa indrindra izay mila antsika. Manome toerana an'I Jesoa isika raha mamela ny fontsika hitempo ho an'ny hafa fa indrindra ireo manantena antsika. Manome toerana an'I Jesoa isika raha avelantsika hivelatra ny tanantsika fa tsy hikombona ka hitantana ireo vesarin'ny fiainana. Manome toerana an'I Jesoa raha miaraka isika jiaby miaro ny tontolo iainana ka manorina ilay Tranobe iombonana robaka mila fanarenana.

Aoka ho tsapantsika fa noharian'Andriamanitra hifandray isika. Anisan'ny mahaolona ny fifandraisana. Noho izany dia aoka samy hahatsapa fa mila ny hafa isika ary tsy misy teraka ho nosy. Tsy afaka hanorina ny ho avy samirery isika fa tsy maintsy miaraka ary anio ny ho avy fa tsy rahampitso.

Izany rehetra izany no kendrentsika amin'izao Sinaody izao. Raha tena marina fa manome toerana an'I Jesoa eo amin'ny fiainantsika isika dia mahita izay toerantsika koa. Araka ny voalazantsika matetika dia tsy mahita ny toerantsika isika hany ka mifandriotra ny fiainantsika, misy krizy satria tsy mahita izay tena toerana ka tsy mahita fivelarana araka nymahaizy antsika tsirairay..

Izany indrindra no hahatongavan'I Jesoa hamerina amin'ny laoniny ny toeran'ny tsirairay, ny fifandraisana ary hampivondrona ao Aminy indray ny fiainantsika misavoritaka, mikorontana. Fiaviana vaovao no entin'i Jesoa ka zava-boahary vaovao sy olombaovao isika raha manaiky an'i Jesoa ho tonga ao am-pontsika ao.

Hafaliana ho an'izay mandray an'i Jesoa no ambaran'ireo vakiteny telo ary efa santarintsika izany amin'ny bokin' Izaia mpaminany " *Hifaly ny efitra sy ny tany karankaina, hiravoravo ny tany lemaka lava volo, ary hamony tahaka ny narisisa; hirakotra voninkazo sy hientan-kafaliana ary hanao hoby firavoravoana izy.*" Raha hafaliana mitafotafo no andraisantsika an'i Jesoa dia na tany efitra na tany karankaina aza dia hanjary ho feno fanantenana.

Ry Kristianina havana izany koa no ezaka ataontsika eto amin'ny diosezy, ny fontsika dia karankaina feno fahotana, raha mibebaka isika dia hamokatra tsara tokoa ka hiala amin'izay manapotika ny fiainantsika. Raha mikarakara ny tontolo iainana koa isika dia miova ho tsara ny fiainantsika ka ho feno haravoana.

Alao hery ary ry Kristianina havana araka ny voalazan'Izaia amin'ny vakiteny voalohany , "*Ilazao ny mitebiteby fo ataovy hoe: "Makà hery fa aza matahotra"* ary tohizany ny hafatra " *Amin'izay dia hahiratra ny mason'ny jamba, halady ny sofin'ny marenina.* Maro ny aretina mikiky antsika, maro ireo habokana ara-panahy, ara-tsaina ary ara-bàtana fa raha mandray an'i Jesoa isika dia ho sitraniny izany rehetra izany. Maro ny zavatra mandringa eo amin'ny fiainantsika, hahitsin'i Jesoa izany, maro ny zavatra maha-jamba antsika noho ny fahotana fa raha mandray an'i Jesoa isika dia hahiratra tokoa ny masontsika ka hahita ny tena marina isika ary ny fahamarinana no maha olona afaka atsika.

Antitraterin'i Md Jakoba izany ao amin'ny vakiteny faharoa (Jak. 5, 7-10) : mankahery antsika izy fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. Mety misy fotoana mahakivy antsika na dia miezaka isika toa tsy misy vokany izany ka mampianatra antsika i Md Jakoba, mpamboly isika ka tsy maintsy misy ezaka atao. Ry Kristianina havana tsy maintsy misy ezaka ataontsika ary ao

anatin'ny faharetana no hanatanterahana an'izany. Mora amintsika ny manomboka zavatra kanefa tsy tanterahintsika eo amin'ny fiainantsika. Aoka hanana faharetana isika raha tiantsika ho tanteraka ny voalaza ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany. Manana ohatra velona isika araka ny voalaza amin'ny Evanjely : Nanambara an'i Jesoa sy vavolombelony no nataon'i Joany tamin'ny fiainany ka noho izany no nanaovana azy tany an-tranomaizina tamin'izany fotoana izany. Naheno ny nataon'i Kristy àry i Joany raha mbola tao an-tranomaizina ka nampanontany ny mpianany ny momba an'i Kristy. Tsy afenina fa nandalo fotoana sarotra I Joany ka naniraka ny mpianany. Dia nolazain'i Jesoa Kristy hoe : "*Mandehana ka lazao amin'i Joany, izao zavatra renareo sy hitanareo izao: mahiratra ny jamba, afaka ny mandringa, sitrana ny boka, malady ny marenina, atsangana ny maty, torina amin'ny malahelo ny Evanjely, ary sambatra izay tsy tafintohina noho ny amiko*".

Ary rehefa izany i Jesoa koa dia nanambara tamin'ny vahoaka ny momba an'i Joany fa izy tokoa no mpaminany lehibe indrindra, ary ambony noho ny mpaminany aza satria izy ilay voahosotra dia i Joany Batista.

Isika ihany koa amin'izao fiaviana izao no aoka hanambara an'i Jesoa na dia anaty fahasahiranana aza ary mety tsy mora izany fanambarana an'i Jesoa amin'ny fiainantsika izany fa aoka isika haneho azy tahaka nataon' i Joany amin'izay dia hiova ny fiainantsika sy ny manodidina antsika.

Marina fa mety misy ny fahakiviana fa fanomezan'Andriamanitra ny finoana, fanomezan'Andriamanitra ny hafaliana ka aoka ho entintsika am-bavaka izany rehetra izany.

Fotoana hibebahana, fotoana hanatonana an'Andriamanitra bebe kokoa izao Fiaviana fiomanana efa manakaiky ny Noely izao ka noho izany dia efa eo ambaravarana tokoa ny Tompo ka aoka isika tsy hatoritory fa hanavao ny fiainantsika ao amin'Andriamanitra, hiroso hivavaka bebe kokoa, hanokatra ny fontsika sy ny fianakaviansika ary ny fiaraha-monina misy antsika amin'Andriamanitra dia ho tonga i Jesoa hitondra izany hafaliana izany ka na dia maro aza ny mety mahajamba ny masontsika, na maro ny mandringana sy manaloka ny fiainantsika dia i Kristy fahazavana no hampijoro sy hanangana antsika, hamerina ny hasina mahazanak'Andriamanitra antsika ka hivoha tokoa ny lanitra : eo anivontsika Andriamanitra.

Izany no firariantsoa ataontsika sy hirosoantsika lalindalina kokoa amin'ny fiomanana ny fiovan'ny Tompo sy amin'ny Noely izao. Mitodika amin'I Masina Maria isika. Reny izy ary nanao izao "experience" n'ny Fiaviana izao ka izy hitantana ny diantsika. Ankinintsika amin'I Md Josefa Ray Mpitaiza an'I Jesoa izao herinandro vitsivitsy izao ka hivavaka ho an'ny fianakaviana anie izy mba ho fiananakaviana hanome toerana an'I Jesoa tokoa anie isika. Fianakaviana misokatra fa tsy mikombona. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson